Suivi Citoyen par les OSC de la transparence et la Redevabilité de l'Education

FIANTSOANA FANOLORANA TETIKASA HO AN'NY CLUB «MITAFA »

1. Zava-nisy :

Eto Madagasikara dia maro ireo tranga kolikoly hita eny anivon'ireo ambaratonga samihafa, eny fa na dia eo anivon'ny sehatry ny fanabeazana ary. Ny tetikasa SCORE, izay mamporisika ny fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena hanaramaso ny fitantanana ireo enti-manana natokana ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eny ifotony dia nametraka sehatra hahafahana mampahafantatra sy mamporisika ireo ankizy mpianatra eny anivon'ny CEG handray ireo andraikitra tandrify azy ho fanatsarana ny fiainana ao an-tsekoly. Ny Club MITAFA dia fikambanana iray natsangana ihany koa mba hikolokona kolontsaina tia mangarahara sy manao tamberinandraikitra.

Noho izany indrindra, SCORE dia manao izao fiantsoana tetikasa ho fanohanana ireo club MITAFA amin'ireo hetsika sy asa ataon'izy ireo ho fampandrosoana sy fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eny ifotony.

2. Tanjona :

Izao antso tetikasa izao dia mikendry indrindra ny hanamafisana ny fanoloran-tena sy ny fandraisan'anjaran'ny Club MITAFA eo anivon'ny andrim-panjakana ho fanohanana ny fanabeazana ara-kalitao ho an'ny rehetra, mifototra amin'ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra.

Kendrena manokana amin'izany ny:

- Fampiharana ny fiofanana azo nandritra ny atrikasa ho an'ny tanora mpitarika izay natao tany Toliara ;
- Fanohanana ny Club amin'ny fanatanterahina ny hetsika fanentanana sy fanabeazana ho fanatsarana ny fiainana ao anatin'ny sekoly ;
- Famporisihana ny fandraisana anjara mavitriky ny mpianatra amin'ny hetsika ao an-tsekoly sy ny hetsika ivelan'ny fandaharam-pianarana ;
- Fambolena toe-tsaina mandray andraikitra, tia mangarahara ary manao tamberin'andraikitra eo amin'ny mpianatra ;
- Mpianatra mahavita maneho sy mitondra ny heviny eo anivon'ny FEFFI sy ireo mpiara-miombon'antoka hafa.

3. Vokatra andrasana :

Amin'ny alalan'ity tetikasa ity dia :

- Miisa 21 ireo Club MITAFA hahazo fitaovana ahafahana manatanteraka ny hetsika ho fanentanana sy fanabeazana ary fanatsarana ny fari-piainan'ny sekoly misy azy ;
- Afaka mitondra ny tetikasa novolavolainy eny amin'ireo mpiara-miombon'antoka hafa ireo Club MITAFA
- Miezaka mizaka tena ary afaka manatanteraka hetsika isan-karazany ny Club MITAFA ;
- Mitombo ny fandraisana anjaran'ny mpianatra amin'ny hetsika ao an-tsekoly sy ny hetsika ivelan'ny fandaharam-pianarana ;
- Afaka hitondra ny feony sy ny maharary azy eo anatrehan'ny FEFFI sy ireo mpiara-miombon'antoka hafa ireo mpianatra.

4. Mpandray anjara :

Ireo Club MITAFA ao amin'ny faritra iasan'ny tetikasa SCORE no kendrena amin'ity fiantsoana tetikasa ity.

5. Fepetra isafidianana ny tetikasa :

Ny tetikasa atolotra dia ho tombanana araka ireto masontsivana ireto :

- Atolotry ny Club MITAFA efa misy, voamarina tamin'ny alalan'ny fisy mombamomba azy voaangona nandritra ny fizohiana sy fanaraha-maso ;
- Atolotry ny Club MITAFA mavitrika, manantanteraka hestika mifanaraka amin'ny iraka ampanaovina azy ;
- Tetikasa manaraka ny toromarika navoaka teo amin'ny antso fiantsoana tetikasa, miaraka amin'ny antontan-taratasy feno notakiana ;
- Taratasin'ny tetikasa feno, nankatoavin'ny biraon'ny Club, sy solotenan'ny sekoly.

6. Fanamarihana :

- Tombony ny fanehoana ny fandraisan'anjaran'ireo mpandray anjara hafa amin'ny tetikasa.

- Ireto fandaniana ireto kosa dia tsy ekena :

  - Fanorenana na fanavaozana (efitrano fianarana, biraon'ny talen-tsekoly, sns) ;
  - Fandoavana trosa ;
  - Fividianana fitaovana na fanaka amin'ny anaran'olon-tokana.

7. Antontan-taratasy ilaina :

Ireo Club vonona sy mahafeno ireo fepetra voalaza etsy ambony dia asaina handefa ireto antontan-taratasy manaraka ireto :

- Fampahafantarana fohifohy momba ny Club izay mitantara ireo dingana nolalovany ;
- Fisy firaketana ny tetikasa nofenoina ara-dalàna misy fitomboky ny sekoly ary misy mombamomba ny solotena afaka hifandraisana
- Dika mitovy ny drafitrasan'ny Club izay niarahana namolavola nandritra ny AG

Ny antotan-taratasy feno dia alefa amin'ny adiresy mailaka scoreprojet@gmail.com na aterina/alefa mivantana amin'ireto adiresy manaraka ireto :

Analamanga	Birao Ambatonakanga Antananarivo
Androy	Birao Move On Ambovombe
Anosy	Birao Faravehivavy Taolagnaro
Atsimo andrefana	Birao Faravehivavy Toliara
Menabe	Birao Code Menabe Morondava
Vatovavy sy Fitovinany	Birao Ank'Izy Mananjary

Fara-fandraisana ny antotan-taratasy dia ny **16 Janoary 2026.**

Soratana eo amin'ny anton'ny mailaka: « **Anaran'ny Club MITAFA-Sekoly-Faritra-Distrika-Kaominina** »